REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISITERAN'NY FITSARANA

FAMPITAM-BAOVAO MAHAKASIKA NY FAMPADEHANANA NY FITSARANA AMBARATONGA VOALOHANY SY NY FONJA ANY IKONGO

Ny Minisiteran'ny Fitsarana dia mampahafantatra ny besinimaro fa hisokatra sy hiasa ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany any Ikongo manomboka ny Alatsinainy 26 febroary 2018.

Efa misy mpitsara roa sy mpiraki-draharaha telo mamita iraka nalefa any Ikongo mba hampihodina ny Fitsarana any an-toerana. Ho tendren'ny Filan-kevitra ambony momba ny Mpitsara miandalana kosa ireo mpitsara raikitra tokony hiasa any.

Ankoatr'izay, efa niverina ihany koa ny fampandehanan-draharaha ao amin'ny fonja any Ikongo nanomboka ny 04 janoary 2018, fotoana izay nanendrena ny lehiben'ny fonja vaovao. Ankehitriny, miisa 16 ireo mpandraharahan'ny fonja miasa any ka miandraikitra ny fiambenana voafonja miisa 25. Mitohy hatrany ny fitadiavana ireo voafonja rehetra tafavoaka tany Ikongo hatramin'izao.

Antananarivo, anio 22 febroary 2018

Le Directeur de la Communication

MINISTERE DE LA JUSTICE

NAPOU Jérémie
Inspecteur d'Administration
Pénitentiaire